



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavany • Tanindrazany • Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-280

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY TOLO-DALANA
LAHARANA FAHA-002-2022/PL «PORTANT REFONTE DE LA LOI N°94-036
SUR LA PROPRIETE LITTERAIRE ET ARTISTIQUE, PRESENTEE PAR LE DEPUTE
RAHASIMANANA Paul Bert, ELU DANS LE DISTRICT D'ANTANANARIVO IV (2^{ème} LECTURE).

Fivoriana faha-8
Natao ny
Alatsinainy 11 Desambra 2023
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany: - HENRI Jean Michel
- RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Alatsinainy 11 Desambra 2023, tamin'ny 11 ora, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihina sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolodalàna laharana faha-002-2022/PL «portant refonte de la loi n°94-036 sur la propriété littéraire et artistique, présentée par le Député RAHASIMANANA Paul Bert, élu dans le District d'Antananarivo IV (2^{ème} lecture).

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriansika.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka, tonga manatrika izao fivoriambe izao. Arahabaina torak'izany koa ianareo solotenan'ny Governemanta.

Miangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

Misaotra betsaka, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Mba hanamora ny fanamarihana ny fahatongavantsika dia iangaviana ampanajana isika Solombavambahoaka rehetra mba hanonona ny anarany sy ny laharana misy azy eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Misaotra, Tompoko.

AFAKANDRO Alphonse

.....
.....
.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Andriamatoa FILOHA

Misaotra, Andriamatoa Filoha Lefitry ny Faritanin'i Fianarantsoa izay miandraikitra ny fitanana an-tsoratra isika nanao ny fanamarinana ny fahatongavana teo.

Misaotra antsika Solombavambahoaka rehetra namana amin'izao fotoana izao tonga manatrika ity fivoriambe ity.

Eto am-piandohana dia mamelà ahy ianareo namana ao amin'ny Birao Maharitra sy ianareo Solombavambahoaka rehetra. Marina fa efa nanao fisaorana ny tenako tamin'ny nahalany ahy ho Filoha Lefitra teo, kanefa ny fisaorana hoy ny fitenenana hoe: toy ny fary lava vaniny ka tsy mety lany hamamiana. Mankasitraka antsika rehetra ary mankasitraka an'ireo tsy nifidy ihany koa satria nanaja ny demokrasia isika rehetra. Amin'ny maha olombelona anefa, nisy alahelo nataoko tamintsika namana na nisy zavatra tsy mampadio fo antsika rehetra ka ialàna tsiny, ialàna fondro, ialàna salohy fito. Amin'ny maha Malagasy antsika, ny fihavanana no tena zava-dehibe amintsika. Toy ny embok'akondro isika, ka mitraka iray ihany ary miondrika samy manana ny ankolafiny. Koa ny iangaviako antsika, aleo mba any ivelany amin'izay no maha ankolafiny antsika, fa rehefa ato isika dia mba ho iray ihany.

Tsy fombanay mpikabary loatra ny mangataka tehaka fa rehefa sendra ny olona tsy misy mpitehaka izahay dia mba mangataka tehaka amintsika ho mariky ny firainsantsika rehetra ato.

- Tehaka -

Izay no ela Tompokolahy sy Tompokovavy, fa mialohan'ny hidirantsika amin'ny votoatin-draharaha, tiako ny mampahafantatra antsika Solombavambahoaka, fa efa mijoro eto anivon'ny Antenimierampirenena ny atao hoe Soroka sy Tongotra Entin'ny Parlemanta ho an'ny Sosialy na fantatra amin'ny fanafohizan-teny hoe STEPS. Rafitra iray najorontsika izany mba hoentina manao ny asa sosialin'ny Antenimierampirenena. Afaka miditra ho mpikambana avokoa na isika Solombavambahoaka na ny mpandraharaha eto amin'ny Antenimierampirenena. Koa amin'ny Alarobia 13 Desambra 2023 atoandro dia hanatitra fanomezana eny amin'ny "centre VONJY" izay mijahy ireo ankizy sy vehivavy niharan'ny herisetra sy fanolanana isika rehetra ary ny toerana misy azy io dia ao Mahamasina akaikin'ny hopitaly Befelatanana.

Hisy arak'izany ny tolo-tanana hataon'ny Solombavambahoaka tsirairay ary hisy tomponandraikitra handray izany ao amin'ny trano fitaratra rehefa mirava eto isika androany atoandro. Koa manentana antsika mba handray anjara amin'izany satria mampalahelo tokoa ny mijery an'ireo ankizy sy vehivavy niharan'izany.

Ny fandaharam-potoanantsika amin'izao marainan'ny Alatsinainy 11 Desambra 2023 izao dia fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2022/PL «portant refonte de la loi n°94-036 sur la propriété littéraire et artistique», izay natolotry ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert, voafidy tao amin'ny Boriborintany faha-IV Antananarivo, Renivohitra.

Marihana fa efa nandalo teto anivon'ny fivoriamben'ny Antenimierampirenena ity Tolo-dalàna ity tamin'ny faha 14 Desambra 2022, izay averina hodinihana fanindroany indray rehefa avy nasiam-panovàna teny anivon'ny Antenimierandoholona.

Koa iangaviana ny Mpampakateny hamaky ny tatitra momba izany.

Tsetsatsetsa tsy aritra, mbola fifaliana ho ahy koa, Andriamatoa Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert ny itarihana ity fivoriana ity voalohany. Izaho talohan'ny naha mpanao politika ahy dia mpanakanto namantsika ary anisan'ny mpikabary akademisiana koa. Mpanakanto niaraka isika hatramin'izay, hatamin'izao ary mbola hiaraka ihany koa.

Fifaliana ho ahy manokana no itaritako ity fivoriana ity androany.

- Tehaka -

Miangavy an'Andriamatoa Mpampakateny ho etỳ anoloana hamaky ny tatitra.
Raisintsika amin'ny tehaka izy Tompokolahy sy Tompokovavy.

- Tehaka -

- 2 -

- Famakiana ny tatitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2022/PL -

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta

Manolotra ny fiarahabana anao, Andriamatoa Filoha;
Ianareo Birao Maharitra;
Ianareo Solombavambahoaka tsy akanavaka;
Ianareo solontena avy ao amin'ny Ministera;
Ianareo artista izay tonga manatrika eto ihany koa.

Nivory ny Alarobia 6 Desambra 2023 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto nandinika fanindroany ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2022/PL «portant refonte de la loi n°94-036 sur la propriété littéraire et artistique» izay natolotr'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert voafidy tao Antananarivo faha-IV.

Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot, Filohan'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana avy ao amin'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany:

1. CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
2. RAHASIMANANA Paul Bert
3. EDIEDY Adolphe

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa no Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Tsy nisy tonga ireo teknisiana avy tamin'ny Governemanta.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nanambara, fa fandinihana fanindroany no anton'izao asam-baomiera izao ary ny andininy faha-137 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany. Manambara io andininy io ao amin'ny andalana faha-2 sy faha-3 fa *“Voafetra ho amin'izay tsy nahavitan'ny Antenimera roa tonta namoaka rijan-teny tokana ny adihevitra isan'andininy.*

Noho izany, ny andininy nolanin'ny Antenimiera andaniny sy ny ankilany ho amin'ny rijan-teny iraisana dia tsy azo anaovana fanitsiana izay mitsikera indray ireo fepetra nolanina na mivantana na amin'ny fanampiana tsy afa-miaraka."

Arak'izany, nitondran'ny Antenimierandoholona fanovàna avokoa ireto teboka manaraka ireto: ny lohaten'ny Tolo-dalàna, ny andininy faha-5, faha-9, faha-22, faha-44, faha-52, faha-54, faha-84, faha-129, faha-132 ary faha-159.

Ny fanovàna teo amin'ny lohateny, ny andininy faha-5, faha-9, faha-52 sy faha-159 dia araka ny endriny na "forme".

Nofoanana kosa ny andininy faha-54 sy faha-132 izay mivaky toy izao manaraka izao:

«Article 54- *Nonobstant, les dispositions du Titre II, Chapitre II, concernant les droits patrimoniaux, il est permis, sans l'autorisation de l'auteur et sans le paiement d'une rémunération de reproduire à titre temporaire une œuvre à condition que cette reproduction:*

- *ait lieu au cours d'une transmission numérique de l'œuvre ou d'un acte visant à rendre perceptible une œuvre stockée sous forme numérique;*
- *soit effectuée par une personne physique ou morale autorisée par le titulaire du droit d'auteur ou par la loi, à effectuer ladite transmission de l'œuvre ou l'acte visant à la rendre perceptible;*
- *ait un caractère accessoire par rapport à la transmission, qu'elle ait lieu dans le cadre de l'utilisation normale du matériel et qu'elle soit automatiquement effacée sans permettre la récupération électronique de l'œuvre à des fins autres que celles prévues aux fins visées ci-dessus».*

« Article. 132- *Les règles relatives à l'établissement et au fonctionnement de l'autorité administrative indépendante chargée de la gestion collective des droits d'auteur et des droits voisins feront l'objet d'un décret d'application établi en Conseil des Ministres, sur initiative du Président de la République».*

Novaina kosa ny andininy faha-22, faha-84 ary ny faha-129. Nohatsaraina ny rijan-teny ao amin'ny andininy faha-22 ka natao mazava kokoa ny mahakasika ny "droits d'auteur sur les oeuvres créées par un ou plusieurs employés" izay iandraiketan'ny mpampiasa ny mpanakanto. Ny andininy faha-84 dia manamafy ny ilàna ny fankatoavana mahakasika ny fifanarahana ho an'ireo olona mila fanohanana manokana na ireo "incapable" ary ny andininy faha-129 dia mamaritra ireo vondrona izay mitsinjara ny tombontsoa azon'ny mpamorona sy miaro ny zon'izy ireo.

Taorian'ny adihevitra nataon'ny mpivory dia tapaka fa holavina ny fanovàna izay nataon'ny Antenimierandoholona ao amin'ny andininy faha-129, ka averina amin'ny endriny izay efa lany teto amin'ny Antenimierampirenena izay tsotra kokoa ny mamaky azy, fa ny andininy sasany kosa neken'ny Vaomiera antsoina hanapakevitra.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory

FANAMARIHANA

Na dia naneho ny fankatoavana ny fanafoanana ny andininy faha-54 izay nataon'ny Antenimierandoholona aza ny mpivory dia tsara ny manamarika fa mbola hita ao amin'ny andininy faha-45 andalana faha-4 ny "renvoi" mahakasika izany.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana ireo fanovàna avy amin'ny Antenimierandoholona ny mpivory.

Lohateny: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-5: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-9: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-22: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-44: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-52: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-54: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-84: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-129: Lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-132: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-159: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny ny Tolo-dalàna ny mpivory ka noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nolanian'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto tamin'ny endriny nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2022/PL «portant refonte de la loi n°94-036 sur la propriété littéraire et artistique» izay natolotr'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert voafidy tao Antananarivo faha-IV ary hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 4 ora sy sasany, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

TOVANA

VERSION DU SENAT	VERSION PROPOSEE PAR LA COMMISSION DE LA CULTURE, DU PATRIMOINE ET PROMOTION ARTISTIQUES
<p><u>Article 129.-</u> La perception et la répartition ainsi que la défense des intérêts matériels des auteurs sont confiées à <u>des entités comprenant:</u></p> <p><u>un organisme public créé par voie de décret en Conseil des Ministres sur proposition du Ministre en charge de la Culture, le seul admis à gérer de manière collective les droits d'auteur et les droits voisins sur tout le territoire de la</u></p>	<p>Article.129- La perception et la répartition ainsi que la défense des intérêts matériels des auteurs sont confiées à une autorité administrative indépendante, comprenant des auteurs et les titulaires des droits voisins, créée par Décret pris en Conseil des ministres, sur initiative du Président de la République, et seule admise à fonctionner sur le territoire de la République de Madagascar.</p>

<u>République;</u> <u>- des sociétés créés conformément à la</u> <u>législation en vigueur et dûment agréées</u> <u>pour gérer les droits de certains auteurs et</u> <u>des ayants droit des droits voisins qui s'y</u> <u>affilient volontairement.</u>	
---	--

Izay ny tatitra, Andriamatoa Filoha.

Misaotra Tompoko.

- 3 -

- Fanitsiana sy fanamarihana momba ny tatitra -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra ny Mpampakateny isika nitondra izay tatitra izay.

Sao misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra novakiana teo isika. Tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny aloha, fa fanitsiana ny tatitra no atao. Avy amintsika Solombavambahoaka no voalohany, avy eo ny namana avy ao amin'ny Governemanta.

Omentsika an'Andriamatoa Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert ny fitenenana sady izy koa no mitondra ilay tolodalana eto amintsika.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Misaotra, Tompoko.

Alohan'ny hitohizan'ny tantara, ho antsika rehetra, misy hafatra avy amin'ny mpanakanto io anaty "video" io. Fohy kely izy io.

Ny manaraka dia tsy dia misy fanamarihana satria efa lanintsika tato daholo ireo zavatra nitranga ireo. Ny fanamarihana nataon'ny Governemanta rehetra, ireo andininy niova rehetra ireo: ny fomba fanoratra azy, andininy tokana ihany izay angatahanay averina amin'ny laoniny araka ny tapaka tao amin'ny asam-baomiera dia ny andininy faha-129 izany. Tsy handeha lavitra intsony isika androany, fa mangataka handefa ny hafatry ny "artistes" isika, aorian'izay dia mitohy ny lanonana, Tompoko.

Misaotra, Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Azafady, Tompoko, hojerentsika avy eo ny "vidéo", fa alohan'izay, hanitsy ny tatitra teo isika. Vita angamba izay vao mijery ny "vidéo" isika.

Sao manana fanamarihana na diso tsipelina na misy tsy tafiditra ny solotenan'ny Governemanta.

Andriamatoa RALAIMAZAVA Johary Andriamahery, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Ianareo mpikambana ao amin'ny Biroa Maharitra, tsy manana fanamarihana na kely aza izahay, Tompoko, raha ny tatitra no asiana teny.

Andriamatoa FILOHA

Eny, Tompoko.

Araka ny fangatahan'ny Solombavambahaoaka RAHASIMANANA Pau Bert teo dia hojerentsika ny hafatra avy amin'ny Mpanakanto.

- 4 -

- Fijerena ny horonan-tsary mirakitra ny hafatry ny Mpanakanto -

Andriamatoa FILOHA

Ankasitrahantsika, omentsika tehaka ireo mpanakanto izay hitantsika tamin'ny horonan-tsary teo.

- Tehaka -

Andriamatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, hitantsika teo ny hafatry ny Mpanakanto, araka ny voalazan'ny andininy faha-137 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fandaniana fanindroany tahaka izao dia miompana amin'ireo andininy tsy nampitovy hevitra ny Antenimiera roa tonta ny adihevitra; na izany aza, omena anao Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert ny fitenenana hitondrano ny hevitra mikasika ny fanovàna nataon'ny Antenimierandoholona.

- 5 -

- Fanazavana ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2022/PL -

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Efa ela izy ity no nivezivezy teto, ireo "article" maro voatanisa teo aloha dia nisy diso fanoratra na miverimberina ary resaka tarehimarika no mety nifamadibadika tao. Nekena avokoa ny zavatra nentin'ny Minisitera tany amin'ny Antenimierandoholona. Fanampin'izay, andininy tokana no ivorintsika eto anio, ny andininy tsy nifanaraka nisy teo amin'ny 20 mahery no isany. Lasa mifanohitra ny andininy iray amin'ireo ary raha ny tatitra avy tany amin'ny Antenimierandoholona, ny andininy faha-129 angamba no tiany lazaina eto.

Maro ny andininy niresaka momba ny «autorité administrative indépendante», toy ny andininy faha-74, 75, 107, 116. Miresaka an'izay daholo kanefa avy eo mivadika tampoka noho ny fahadisoana amin'ny maha olombelona. Androany dia miompana indrindra amin'io andininy tokana io; noho izany, aleo averina amin'ny laoniny ny fangatahanay.

Tiako ny miteny amintsika rehetra fa nifandinihana tamin'ny "autorité" rehetra teto amin'ny firenena ity Tolo-dalàna ity. Delegasiona matanjaka tamin'ny artista no niresaka tamin'ny Filohampirenena ary noraisiny ny sosokevitra avy tamin'izy ireo.

Noho izany, isika maro an'isa ato amin'ny Antenimierampirenena dia tsy tokony hatahotra hoe miady amin'ny fanjakana ny artista, fa ny hampilamina ny raharaha no hatao. Ny olona mitondra firenena dia mandalo, fa ny firenena eo foana. Ny Minisitera na ny olona aty ambany mety hiova araka ny mahasoana ny rehetra. Ny artista tsy mangataka hiala tanteraka amin'ny fanjakana satria raha tsy misy "force exécutoire" manatanteraka ny "droit d'auteur" dia zava-poana izany. Ny mpisandoka sy ny rehetra dia hanjaka ka ho zava-poana ny zavatra ataonay satria tsy vitanay irery izany, fa miankina amin'ny fanjakana. Eo anatrehan'izay, aza matahotra ianareo ary tsy hiady amin'ny fanjakana izahay. Tsia, Tompoko, aza matahotra ianareo.

Koa manentana antsika rehetra hamerina amin'ny laoniny ny andininy amin'ity Tolo-dalàna ity. Marihana fa niarahana tamin'ny "expert" avy any andafy mihitsy ny fanatontosana azy ity. Nisy zanatsika teto an-toerana aza nandeha tany an-dafy mihitsy, nisy koa "avocat" niasa maimaimpoana mba hahatanteraka izao Tolo-dalàna izao.

Tsy handany andro intsony isika, fa aleo averintsika amin'ny laoniny ity "article" ity. Tapitra, Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert isika tamin'ny fandraisany fitenenana teo.

Alohan'ny handraisan'ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana, omentsika alàlana hiverina amin'ny toerany ny Mpampakatenin'ny Vaomiera.

Omentsika fitenenana ny solotenan'ny Governemanta.

Andriamatoa RALAIMAZAVA Johary Andriamahery, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa Filoha Lefitra isany eo anivon'ny Birao Maharitra, isika Solombavambahoaka; Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert tompon'ny Tolo-dalàna.

Marina tokoa fa matetika nivemberina teto isika nandinika an'ity Tolo-dalàna iray ity. Hatreto, mbola tsy niova hevitra ny Minisitera izay misolotena ny Governemanta satria "observation" avy amin'ny Governemanta no entina sy arovana eto anatrehanareo.

Efa nandalo tany amin'ny Antenimierandoholona tokoa izy ity. Ny Antenimierandoholona tokoa dia nandray an'ireo "propositions" tamin'ny fanovàna nataonay. Isaorana avy hatrany ireo efa neken'ny Vaomiera nandinika ary marina tokoa ny voalazan'Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert teo manao hoe "article" iray no tsy nampifanaraka ny famakiana sy ny fanoratana azy dia "article-129" izany.

Hofintiniko hoe inona no nahatonga anay mbola nanindry na nitazona ny hevitra hatramin'ny voalohany hoe tokony hotazonina amin'ny "version" avy tany amin'ny Antenimierandoholona ny "article 129", fa tsy tokony hiverenantsika intsony ny "version" natolotry ny "commission de la culture, du patrimoine, et de la promotion artistique".

Ao amin'ny andininy faha-129 dia miteny mikasika ny rafitra hitantana ny zon'ny mpamorona. Resaka rafitra no tsy ifanarahana fa raha ny hoe te-hisitaka amin'ny Minisitera ny Mpanakanto, efa nambarako teto fa tsy manana olana amin'ny fisitahana sy faniriana hanana fahaleovantena izay izahay. Ny angatahanay dia mba ampanarahana ny fitsipika sy ny pitsopitsony amin'ny raharaham-panjakana tokony hajaina izany. Izay no mahatonga any mitsipaka hoe tsy mety ny rafitra "autorité administrative indépendante" satria izay dia rafitra mikasika ny "liberté publique". Efa mandeha ny fandaniana momba ny "décret"-n'ny "Commission Malagasy sur l'Informatique et de la Liberté"; tonga dia «autorité administrative indépendante» satria izany dia rafitra momba ny «liberté publique».

Tonga dia atao «indépendante» izy no sady «autorité». Izany hoe, kely dia kely ny fifandraisany amin'ny fitondram-panjakana mba ahafahany miaro ny zo ankinina aminy. Izay no antsoina hoe, «autorité administrative indépendante»; tsy rafitra minfandray amin'ny zon'ny mpamorona izy io, fa ny «établissement public» izay hita ao amin'ny lalàna laharana faha-2018-037 efa nolanihana teto anivonareo ihany no rafitra mifanaraka amin'ny resaka zon'ny mpamorona. Toy ny rafitra rehetra ihany, ohatra ny Oniversitem-panjakana dia misy «organisme rattaché» amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony izay miandraikitra an'ireny Oniversite ireny. Tsy «autorité administrative indépendante» izy ireo, fa «établissement public».

Izay lafiny iray izay mbola tsy mampiova ny hevitra ny Minisitera.

Misy koa ny hoe «créer par décret pris en conseil des Ministres par l'initiative du Président de la République». Izahay mihevitra fa tsy «initiative» tokony houisin'ny Filohan'ny Repoblika amin'ny hananganana an'io rafitra eritreretina hoe «autorité administrative indépendante» io satria raha ny andininy faha-55 ka hatramin'ny andininy faha-60 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia mametraka hoe inona no asan'izany Filohampirenena izany; inona no ananany «initiative». Izany Filohampirenena izany dia tsy miditra amin'ny «secteur» na «filière» anankiray, fa efa ankinina amin'ny Minisitera ny mikasika izany. Eo anatrehan'izay, na eo aza ny finiavana na fitiavana hisitaka amin'ny Minisitera, sarotra ihany ny hihoatra an'izay rafitra izay hoe «filière» sy «secteur». Tsy any amin'ny Primatiora, tsy any amin'ny «Présidence», tsy «initiative»-n'ny Filohampirenena na ny Praiminisitra izany, fa ny Minisitera anankiray no anankinana azy. Ny fiompiana, ankinina amin'ny Minisiteran'ny Fiompiana; ny fitsarana ankinina amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana; ny mikasika ny Mpanankato sy ny mpamorona, ankinina amin'ny Minisiteran'ny Kolotsaina.

Izay no mahatonga any mieritreritra hoe tsy tokony ho «initiative»-n'ny Filohampirenena izany satria tsy ao anatin'ny voalazan'ny andininy faha-55 ka hatramin'ny andininy faha-60 ao amin'ny Lalàmpanorenana amin'ny asan'ny Filohampirenena, ka sarotra raha lalàna no hanovantsika na hanatovanantsika ny asan'ny Filohampirenena kanefa asa voalaza mazava ao anaty Lalàmpanorenana no ataony.

Ny tolokevitra dia mijanona ho «établissement public» ihany satria tsy afaka miala amin'ny fanjakana izany «régulation de secteur» izany.

Misy ohatra ny «ARTEC» na ny «Autorité de Régulation des Technologies de Communication» izay ao amin'ny Paositra, "autorité" izy; ny ORTM ao amin'ny «Ministère de la Communication». Izany hoe, ny «régulation des secteurs» tahaka ireny dia tsy afaka miala amin'ny Minisitera, saingy ekena hoy aho ny fitiavana hisitaka hahaleotena bebe kokoa. Izay no antsointsika hoe «règle de l'art» tao dia apetraka any amin'ny fanjakana ny «régulation» satria io rafi-panjakana io izay «établissement public» dia afaka manome «homologation,

agrément des sociétés d’auteurs privés». Mahazo misafidy ny Mpanakanto rehetra hoe hiaraka amin’ny «sociétés d’auteurs privés» ve izy sa hiaraka amin’ny rafi-panjakana satria rehefa vakantsika ny andininy dia hoe «seule admise à fonctionner sur le territoire de Madagascar». Izany hoe, rafitra tokana ho an’ny mpanankato izy io. Efa hita ny «expérience» ho an’ny rafitra tokana teo fa tsy naharaka ny Mpanankato rehetra, mety izay no faniriana hoe hisitraka azy. Izahay mieritreritra hoe tsy any amin’ny rafitra tokana intsony, fa afaka manao rafitra “privée” be dia be saingy tsy halaina amin’ny fanjakana ny “régulation des secteurs”.

Haka ohatra aho hoe, misy ny “géomètre” an’ny fanjakana ary misy koa ny “géomètre privée” izay “homologué”-n’ny Minisitara. Tsy manafoana velively ny “géomètre” an’ny fanjakana anefa izany. Misy ny Oniversite tsy miankina izay navelan’ny MESUPRES hisokatra, fa tsy manafoana velively ny Oniversitem-panjakana izany. Izay no hangatahanay hoe, izay no efa fanao, izay no tsotra indrindra fa mbola sarotra ny hiditra amin’ny “autorité administrative indépendante” izay tsy mbola misy lalàna lehibe mamaritra hoe ahoana izany “autorité administrative indépendante” izany. Ny “établissement public” kosa efa misy “loi n°2018-037” milaza hoe misy rafi-panjakana mipetraka amin’ny Minisitara, toy ny MESUPRES izay manana ny azy. Izy no mi-“homologuer”, mi-“agréer les sociétés d’auteurs privés” ho an’izay te-hanana fahaleovantena kokoa momba ny zony. Izay no mahatonga ny hoe, hatreto aloha mbola mitazona ny “version” avy any amin’ny Antenimierandoholona izahay, satria izy no nihaino anay. Manantena izahay fa hiaino anay koa ianareo amin’ity indray mitoraka ity satria misy antony matoa nohenoin’ny Antenimierandoholona izahay. Tsy resy lahatra loatra ny tenanay hoe “enduit en erreur” ny Antenimierandoholona tamin’ny fandanianana ny andininy faha-129 satria samy teo izahay. Nanangan-tànana koa izy raha nisy ny fahadisoana. Mino izahay fa efa nareniny izany matoa io no “version”-n’ny Antenimierandoholona tonga taty amintsika. Izay no tapaky ny Antenimierandoholona araka ny fihainoany anay. Manantena izahay fa hohenoinareo koa izahay amin’ity indray mitoraka ity. Aza hadinoina anefa fa tsy misakana velively ny Minisitara amin’ny finiavana sy fitiavana amin’ny hananan’ny Mpanakanto rafitra mahaleotena fa aleo atao mitovy amin’ny an’ny rehetra hoe misy ny “Université Publique” dia misy koa ny “Université Privée” ary misy ihany koa ny rafitra “publique” mitantana ny zon’ny mpamorona. Misy ny rafitra “privée” arak’izay mahadiavolana ny fon’ny Mpanakanto.

Misaotra Tompoko.

- 6 -

- Adihevitra ankapobeny -

Andriamatoa FILOHA

Mankasitraka ny avy ao amin’ny Governemanta nitondra ny heviny teo.

Izao isika dia hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny. langaviana noho izany izay handray fitenenana mba hanonona ny anarany sy ny Distrika nahalany azy.

langaviana koa isika Solombavambahoaka mandray fitenenana mba hiompana amin’ireo andininy nasian’ny Antenimierandoholona fanovàna ny adihevitra hatao.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka IDEALSON.

Andriamatoa IDEALSON

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

IDEALSON, Sombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Ampanihy Andrefana.

Hita teo ireo fangatahan'ny Mpanankato amin'ny hifidianantsika hamerina ny rijan-teny amin'ny nandanian'ny Solombavambahoaka azy teo aloha

Nanazava ihany koa ny tao amin'ny Minisitery mikasika ny resaka "autorité administrative indépendante" izay karazana rafitra mifehy ny fahafahana hoy ry zareo saingy tsy misy lalàna mametra an'izay eto Madagasikara. Nambarany koa, izay ombako manana tsy tokony hisian'ny hoe: "sur l'initiative du Président de la République". Tafahoatra loatra ny fanoratana an'iny; ekeko izay teboka izay.

Ny tsy ekeko dia ny fitenenana hoe: "autorité administrative indépendante". Misy "définition" homeko antsika eto. Tsy miteny resaka "liberté" velively, fa milaza rafitra izay homena faheleovantena hialan'ny fanjakana, izay zavatra eritreretin'ny artista fa "autorité administrative indépendante". Azontsika jerena amin'ny «google» ny hoe: "une autorité administrative indépendante est une institution de l'Etat, chargée, en son nom, d'assurer la régulation de secteurs". "Secteurs" momba ny hira no resahina eto ary mitohy hoe: "considérés comme essentiels pour lesquels le Gouvernement veut éviter d'intervenir trop directement". Izany hoe tsy idiran'ny fanjakana mivantana ny zavatra tian'ny artista atao kanefa tsy lavin'ny fanjakana, tsy lavin'ny Minisitery ihany koa, milaza izy fa "intervenir trop directement". «Les autorités administratives indépendantes présentent trois caractéristiques; autorités: elles disposent d'un certain nombre de pouvoirs (recommandation, décision, réglementations, sanction)". Hitantsika amin'izany ny resaka fanaovana hosoka, fanaovana kopia ny asan'ny artista; izany hoe, aleo ny Mpanakanto no hijery an'izay. Izay ny fahaleovantena; "administratives: elles agissent au nom de l'Etat". Mahaleotena izy kanefa rafi-panjakana ihany, izay tsy hitako ny olana amin'izany "au nom de l'Etat une certaine compétence dévolue à l'administration et son délégué". Omen'ny fanjakana ny rafitra mahaleotena izany izay tokony ho fahefam-panjakana ao anatin'ny saingy omane fahaleovantena ihany izy.

"Caractéristique" fahatelo, "indépendantes: à la fois de secteur contrôler mais aussi de pouvoir public". Ny «secteur» eto izany dia ny tontolon'ny zavakanto, fa ny fahefam-panjakana kosa tsy afaka mitsabaka mivantana manome baiko ohatran'izao na izao ao anatin'ny, izay hita fa fahaleovan-tena ilain'ny Mpanakanto.

Mieritreritra aho sady manentana antsika Solombavambahoaka mba tsy hisian'ny savorovoro na hisian'ny ady amin'ny Mpanakanto sy ny Solombavambahoaka hoe ianareo no tsy te-hampiakatra ny "indemnité de logement"-nay, ianareo Solombavambahoaka no tsy tia ny fahaleovantenanay Mpanakanto. Izany hoe, ny "sur initiative du Président de la République" ihany no esorina tao dia ajanona amin'ny "version" nolanian'ny «Commission de la Culture» ihany isika.

Misaotra indrindra, Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao Andriamatoa IDEALSON nandray fitenenana teo.

Mialohan'ny hitenenan'ny solotenan'ny Governemanta izay fandraisam-pitenenany farany mba hahafantsika miroso amin'ny fandania ity Tolo-dalàna ity.

Raha mbola manana fitenenana ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert dia omena fitenenana ianao.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Tsy manana fitenenana intsony, Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Ny solotenan'ny Governemanta raha mbola manana fitenenana farany. Fitinintsika ary omena fitenenana ianareo, Tompoko.

Andriamatoa RALAIMAZAVA Johary Andriamahery, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina

Eny Tompoko,

Misaotra indrindra.

Misaotra ny Solombavambahoaka IDEALSON nanome ny famaritana teo.

Marihiko kely fotsiny ao anatin'ny hoe, ny fanjakana no tsy te-hitsabaka ao anatin'ny "secteur", fa tsy hoe ny olona ao anaty "secteur" no tsy te-hotsabahan'ny fanjakana. Izay no mampiavaka kely azy.

Ny fanontaniako, raha ohatra ka izay no ironan'ny hevitra besinimaro eto satria ianareo no mandidy sy manapaka ary raha esorina ny hoe: "sur l'initiative du Président" dia an'iza izany ny "initiative". Izay angamba no hovaliana mba ahafahana manao ny "rédaction".

Misaotra Tompoko.

- 7 -

- Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2022/PL -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra ny solotenan'ny Governemanta isika.

Satria tsy misy manan-kolazaina intsony dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra sy fandania isan'andiny izay tsy nitovizan'ny Antenimiera roa tonta hevitra teo isika.

Ireto avy ireo andiny nasian'Antenimierandoholona fanovàna.

Ny Lohatenin'ny Tolo-dalàna, nolanian'ny Vaomiera ny fanovàna avy Tamin'ny Antenimierandoholona.

Iza no manan-kambara amin'io andiny io?

- Tsy misy -

Iza no mandany an'izay, atsangano ny tàmàny.

Miangavy ny Mpitantsaoratra hamaky an'io andininy tsy nitovizan'ny roa tonta hevitra io; ao amin'ny "intitulé" izay nolànian'ny Vaomiera.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Ny «version de l'Assemblée nationale article 129» ve no hovakiana, Tompoko.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

Ny «référence»-ntsika angamba Solombavambahoaka hajaina isany dia izay nolànian'ny vaomiera teto anivon'ny Antenimierampirenena.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Tsy misy olana izany satria efa hitantsika tao anatin'ny tatitra fa ao amin'ny «article-129» angamba vao vakantsika satria nisy ny tsy fitovizana.

Iza no mandany an'io nolànian'ny Vaomiera io, atsangano ny tàmàna.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tàmàna -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy manan-kolazaina.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny Lohateny nolànian'ny Vaomiera teny amin'ny Antenimierandoholona nasiana fanovàna.

Andininy faha-5: nolànian'ny Vaomiera ny fanovàna avy tamin'ny Antenimierandoholona.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io?

- Tsy misy -

Izay mandany an'io andininy io.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tàmàna -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny.

- Tsy misy -

Ambarako fa lany teto amin'ny fivoriambe ny andininy faha-5 nasiam-panovàna teny amin'ny Antenimierandoholona.

Andininy faha-9.

Azafady, Tompoko, manangan-tànana izay handray fitenenana raha misy fanamarihana.

Andriamatoa RALAIMAZAVA Johary Andriamahery, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina

Efa lany teto amin'ny Antenimierampirenena daholo ireo andininy faha-5, faha-9, faha-24, faha-25, afa-tsy andininy faha-129 ihany. iny izany efa tsy misy adihevitra intsony eto amin'ny Antenimierampirenena fa ny nisy tany amin'ny Antenimierandoholona, ny andininy faha-129 iny ihany no tokony hiadiana hevitra eto ka holaniana.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Azafady, afaka mandray fitenenana kely ve hanazava, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa FILOHA

Omena fitenenana ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Holaniansika daholo, tenenina tsirairay ireo "articles" hoe ireo no namboarina tany amin'ny "Sénat", "forme" fotsiny io, fa alefa tsirairay. Tononina dia laniansika, fa ny andininy faha-129 no akakaizintsika mafy sao dia ny azy no lasa satria iny ihany no mampifanditra antsika.

Tohizo, Andriamatoa Filoha, ny nataonao teo, fa holanianay daholo, afa-tsy ny andininy faha-129. Maka aina kely isika rehefa tonga eo dia manangan-tànana indray.

Andriamatoa FILOHA

Eny ary, hotohizantsika eo amin'ny andininy faha-9 izany isika izao.

Nolavin'ny Vaomiera ny fandaniana avy tany amin'ny Antenimierandoholona, jereo ny tovana.

Iza no manan-kambara amin'io andininy?

- Tsy misy -

Izay mandany, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako fa lany teto amin'ny fivoriambe ny fanapahan-kevitra ny teto amin'ny Vaomiera.

Andininy faha-22: nolanian'ny Vaomiera ny fanovàna avy tany amin'ny Antenimierandoholona.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io?

- Tsy misy -

Izay mandany, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako fa lany teto amin'ny fivoriambe io andininy faha-22 io.

Andininy faha-44: nolanian'ny Vaomiera ny fanovàna avy tany amin'ny Antenimierandoholona.

Iza no manan-kambara mikasika an'io andininy io?

- Tsy misy -

Izay mandany, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako izany fa nolanian'ny fivoriambe io andininy faha-44 io.

Andininy faha-52: nolanian'ny Vaomiera ny fanovàna avy tany amin'ny Antenimierandoholona.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io?

- Tsy misy -

Izay mandany, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka 28 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako fa lany teto amin'ny fivoriambe ny andininy faha-52 nasian'ny Antenimierandoholona fanovàna io.

Andininy faha-54: nolanian'ny Vaomiera ny fanovàna avy tany amin'ny Antenimierandoholona.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io?

- Tsy misy -

Izay mandany, atsangano ny tànana?

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako fa lany teto amin'ny fivoriambe ihany koa io andininy faha-54 nasian'ny Antenimierandoholona fanovàna io.

Andininy faha-84: nolanian'ny Vaomiera ny fanovàna avy tany amin'ny Antenimierandoholona.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io?

- Tsy misy -

Izay mandany, atsangano ny tàmàna.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tàmàna -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako fa lany teto amin'ny fivoriambe ny andininy faha-84 nasian'ny Antenimierandoholona fanovàna sady nolanian'ny Vaomiera.

Eto amin'izay isika no misy hevitra tsy mitovy, andininy faha-129, nolanian'ny Vaomiera nasiam-panovàna

Io no niadian-kevitra teo, ny itondrantsika azy dia hoe iza no mandany amin'ny efa nolanian'ny Antenimierampirenena. Izany hoe nentina niverina tamin'ny nanaovana azy voalohany io andininy io.

Izay mandany, atsangano ny tàmàna.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tàmàna -

Izay mandany ny sosokevitry ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina.

- Tsy misy -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako fa lany teto amin'ny fivoriambe ny andininy faha-129, nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panovàna. Izany hoe, miverina amin'ny hevitra teo aloha ihany.

Andininy faha-132: nolanian'ny Vaomiera ny fanovàna avy tany amin'ny Antenimierandoholona.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io?

- Tsy misy -

Izay mandany, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako ary fa lany teto amin'ny fivoriamben'ny Antenimierampirenena ny andininy faha-132, izay nasian'ny Vaomiera fanovàna teny anivon'ny Antenimierandoholona.

Andininy faha-159: nolanian'ny Vaomiera ny fanovàna avy teny amin'ny Antenimierandoholona.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io?

- Tsy misy -

Izay mandany, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tànana -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako izany fa lany ny andininy faha-159, izay nolanian'ny fivoriambe ary nolanian'ny Vaomiera ihany koa ny fanovàna nentina teny amin'ny Antenimierandoholona.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Satroka farany, Tompoko, azafady.

Ny andininy faha-54 nofoanana, efa nolaniantsika teo, koa mba mangataka izahay hofoanana daholo izay manao "référéncé" miverina amin'iny andininy faha-54 iny.

Ny antony, satria ao amin'ny "article 45" ohatra izao dia miteny hoe: "à la reproduction de programmes d'ordinateur sauf dans les cas prévus à l'article 54", efa tsy misy intsony ny "article 54". Noho izany, mangataka izahay ny hananganana tàmàna ny hoe: izay "article" manao "référence" amin'ny "article 54" dia foana ho azy satria hanaovana fanitsiana ato izany, Tompoko. Foanana izay "article" mifandray amin'ny efa nolaniantsika teo, satria efa nofoanana ny "article 54", kanefa sao mbola misy iray manao "référence" aminy. Angatahana tsangan-tàmàna mba ho foanana izay "article" manao "référence" amin'ny "article 54", Tompoko.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Hataontsika izany ny tsangan-tàmàna sa mbola hisy handray fitenenana.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Aleo aloha hatsangana ny tàmàna amin'io "article" io.

Andriamatoa FILOHA

Ny Solombavambahoaka IDEALSON, nanangan-tàmàna.

Andriamatoa IDEALSON

Mbola mikasika ny "article 129" teo ihany: izahay efa nametraka fa ny teny hoe, "sur l'initiative du Président" izay no tafahoatra amin'io "article" io. Rehefa nanangan-tàmàna isika, tokony ho nesorina iny zavatra iny. Ny dikan'izay, ny mampiseho an'iny eo anatrehan'ny "Conseil des Ministres" dia izay Minisitery tafiditra ao na izay "secteur" voakasika ihany.

Andriamatoa FILOHA

Efa lany izy teo, fa hataontsika tsangan-tàmàna ihany ny momba azy. Izany hoe, foanana daholo ny "référence" rehetra mikasika ny "article 54".

Izay mandany, atsangana ny tàmàna.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tàmàna -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako fa lany teto amin'ny fivoriambe io hevitra io hoe izay mifandray amin'ny andininy faha-54 io dia namany tsy misy avokoa.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Farany Tompoko, fanamarihana kely: ho an'ny mpandray naoty ao amin'ny "article 45, alinéa 4" misy nesorina eo amin'ny "Chapitre III: LIMITATION DES DROITS PATRIMONIAUX".

Ao amin'ny "alinéa 4: à la reproduction de programmes d'orinateur sauf dans les cas prévus à l'article 54»; miala izany io fa ny lohany ihany no mijanona.

Azafady, Andriamatoa Filoha, nanapaka ny fitenenana.

Andriamatoa FILOHA

Vita izay ny fijerena ny isan'andiny; izao isika dia hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ity Tolo-dalàna ity.

Ny andiny faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarintsika amin'izany.

Koa izay mandany ny fanapahan-kevitra mikasika ireo andiny tsy nitovian-kevitra teo amin'ny Antenimiera roa tonta momba ity Tolo-dalàna ity, atsangano ny fanana.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tàna -

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-002-2022/PL «portant refonte de la loi n°94-036 sur la propriété littéraire et artistique», natolotry ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antananarivo faha-IV, izay nodinihantsika teto androany.

Koa mangataka anao, Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert, tompon'ny Tolo-dalàna mba handray fitenenana.

Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Andriamatoa sy Ramatoa Solombavambahoaka hajaina isany, andro lehibe horaketin'ny tantara ny andro androany satria araka ny mahazatra, isaky ny Mpanakanto no miantso anareo dia eo daholo na ny "independent" na ny IRD na ny mpanohitra. Mampiray izy ity koa isaorako manokana indrindra fa ianareo tsy anaty fianakaviana politika izay betsaka lavitra noho ny ao aminay. Isaky ny mandeha ny fifidianana, isaorana anareo. Akory atao fa ny fasaniranana iaraha-manana, ka tsy omena tsiny ireo tsy tonga fa nandefa hafatra. Hieritreritra ihany anefa ny Antenimierampirenena amin'ny manaraka satria be loatra ny Solombavambahoaka tsy tonga mivory na manao tsinotsinona ny asany. Tsy tokony ho ato izy rehefa tsy hivory, fa rehefa mandeha ny lalàna rehetra dia tokony ho ato avokoa isika mianakavy. Amin'ny manaraka, tokony hoeritreretina ihany ny fandaniana lalàna, aleo atao "obligatoire" satria ohatran'ny fanadalana ny olona tonga fotsiny sady tsy firarahian'ny namana sasany tsy tonga mihitsy.

Ananako ato ny lisitry ny Solombavambahoaka tsy tonga mihitsy hatramin'ny nivorian'ity Antenimierampirenena ity. Tiako hozaraina amin'ny mpanao gazety mba halaina baraka kely, saingy tsy fanao izany, fa miaro ny Solombavambahoaka no nitsanganako hatramin'izay. Niadiako hatramin'ny lehibeko aza izany noho ny fiarovako antsika rehetra tompon'ity "Institution" ity. Misy voninahitra ohatran'ity tokony ho fantatsika, fa ny fanjakana eto amintsika dia fanjakana tsy hoe ny Filohan'ny Repoblika ihany na ny fanjakana no mitondra, fa ny Antenimierampirenena dia anisan'ny "Institution" mitondra ity firenena ity.

Isaorako anareo namana niaro ny artista rehetra tamin'ity andro lehibe manan-danja ity.

Rehefa nandeha ny fampielezan-kevitra, raha nandeha ny fidinana an-dalambe dia hitantsika fa teny foana ny artista. Tsy misy tompony ny artista saingy manana olana ohatran'ny Malagasy rehetra ihany izy; manana olana ohatran'ny filaminana eny Ambarivonitra; manana ny fomba fitondrana momba azy koa ny artista eran'i Madagasikara. Koa horaiketin'ny tantara ny zavatra nataonareo tonga teto androany, satria ianareo no hitondra fanovàna eto amin'ity firenena ity.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ny fanjakana mandalo, fa ny zavakanto mitoetra mandrakizay. Efa niezaka izahay mba tsy hifandona amin'ny fitondrana misy, satria misy "force d'exécutoire" ny lalàna apetraka, ka izay no mahatonga an'io tafiditra ao anaty "Institution". Tsy tena hoe azontsika tsy natao izany, fa tamin'ny fandinihana ity lalàna ity, noraisin'ny Filohampirenena izahay, noraisin'ny Praiminisitra izahay, noraisin'ny Minisitry izahay ary tsy miady aman'olona izahay, fa natao izay nahavitana azy. Koa arahabaina ianareo artista sy ireo "Avocat" rehetra nanampy anay. Ianareo niaritra tao anatin'izay taona maro izay satria efa aman-taonany izy ity. Tsy vao haingana izy ity no nisy, fa 10 taona raha farafahaingany indrindra izay vao tonga amin'izao dingana izao. Raha misy fanovàna avy any amin'ny HCC, raisinay ho risika ho anay izay raha misy tsy mety. Mino izahay fa mety izy ity satria olona manam-pahaizana daholo no nanao azy.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

Ho ela velona ny Antenimierampirenena mijoro sy manao ny asany.

Andriamatoa FILOHA

Misaotra ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert, isika tamin'izay fandraisany fitenenana izay.

Isaorako manokana izy tamin'ny fanentanana ny Solombavambahoaka rehetra mba hivory, satria tsy hoe rehefa misy fifidianana ihany izay vao tonga mivory. Fanampin'izay, tsy hoe rehefa hirotsaka Filoha Lefitr'Antananarivo ihany vao tonga mivory, tsy hoe tsy mivory mihitsy mandritry ny fotoam-pivoriana ary rehefa misy fifidianana dia manome "procuration". Isaorana manokana ianao namana RAHASIMANANA Paul Bert, nanolotra an'izay sosokevitra izay.

Somary mametraka fialan-tsiny ihany aho eto satria aho dia anisan'ny mpitabataba eny ambany eny taloha tamin'ny fahataram-potoana, fa rehefa amin'ny 10 ora, maraina dia amin'ny 10 ora, maraina.

Misaotra an'Andriamanitra lehibe sy ny vahoaka anefa aho, fa tonga ary izaho tamin'ny 9 ora, maraina dia efa niandry tao. Koa miangavy antsika Solombavambahoaka, fa na ho ela na ho haingana, satria izaho namana ROSSY dia zanak'olona manam-pinoana ary manam-pinoana aho, fa mbola ho eto aho amin'ny 5 taona manaraka. Raha izaho no mitarika ny fivoriana, vao tonga ny amin'ny 10 ora, maraina, na olona iray aza no eo, Tompoko, dia miangavy ny "protocole" aho, tonga dia antsoy aho.

Izay ny amin'iny.

Faharoa manarak'izay, raha mbola manana fitenenana farany, amim-panajana omena fitenenana ianareo solotena avy amin'ny Governemanta, Tompoko.

Andriamatoa RALAIMAZAVA Johary Andriamahery, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina

Misaotra Tompoko.

Tsy manana fitenenana ankoatra ny fisaorana anao Andriamatoa Filoha sy ianareo Mambran'ny Birao Maharitra.

Andriamatoa FILOHA

Azafady Tompoko, aleo mba hiandry hatramin'ny farany satria mbola misy hafatra kely.

Andriamatoa RALAIMAZAVA Johary Andriamahery, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina

Isaorana antsika Solombavambahoaka rehetra sy ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert, nanolotra ny Tolo-dalàna ary eny amin'ny Antenimierandoholona indray, Tompoko, no fotoana.

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa FILOHA

Mankasitraka Tompokolahy sy Tompokovavy.

Raha ny tokony ho izy, misy Tolo-dalàna roa hodinihantsika androany tolak'andro tonga eto amiko. Mbola tsy vita ny asam-baomiera momba azy ireo, ka mba tsy handaniana fotoana androany tolak'andro, raha sitrakareo dia ahemotsika amin'ny fotoana manaraka izany.

Izay manaiky an'izay, atsangano ny tànana.

- Solombavambahoaka miisa 28 no nanangan-tànana.

Izay mitsipaka.

- Tsy misy -

Izay tsy milaza ny heviny?

- Tsy misy -

Ambarako ary fa lany ny tsy hisian'ny fivoriana anio tolak'andro.

- Fiatoan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriantika, tiako ny milaza amintsika rehetra fa mbola misy tsipaipaika hataontsika hanatanterahana ny asa sosialy araka ny voalaza tany amboalohany.

Mankasitraka antsika rehetra naharitra hatramin'ny farany.

Miato hatreo ny fivoriantika.

Misaotra Tompokolahy,
Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory,
Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

Corele®

Fusion™